# Ny toetry ny fitahiana sy fahasambaran'ireo izay mitandrina ny didy

**SAHANASA A**

### ""Saintsaino ny toetry ny fitahiana sy fahasambaran'ireo izay mitandrina ny didin' Andriamanitra. Izy ireo dia tahiana amin'ny zava-drehetra, na ara-nofo na ara-panahy.";

Jereo ilay lisitr'ireo fitahiana izay noforonianao tany am-piandohan'ity lesona ity. Ampio fitahiana fanampiny izay mety ho tonga ao an-tsainao. Tsipiho eo ambanin'ireo fitahiana izay ara-nofo kokoa ary asio faribolana ireo fitahiana izay ara-panahy kokoa. Mety ho tsapanao fa ny sasany dia mety amin'ireo sokajy roa.

- Inona no porofo hitanao eo amin'ny fiainanao fa marina io fanambarana avy ao amin'ny Môzià 2:41 io?
- Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:20–21. Inona no ianaranao momba ny fifandraisana misy eo amin'ny fitandremana ireo didy sy fahazoana ireo fitahian' Andriamanitra? Azonao atao ny mampifandray na mampifandrohy io andinin-tsoratra masina io amin'ny Môzià 2:41.
- Nahoana araka ny hevitrao no sady mitahy antsika ara-nofo ny Ray any An-danitra no mitahy antsika ara-panahy? Inona no ampianarin'izany anao momba Azy?

**SAHANASA B**

### "Raha mitoetra ho mahatoky hatramin'ny farany izy ireo dia raisina any an-danitra, fa amin'izany no hahazoany miara-monina amin' Andriamanitra ao amin'ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana."

Soraty eo afovoan'ny pejy tsy misy n'inona n'inona iray ao amin'ny diary fandalinanao io fanambarana io, ka mamelà toerana manodidina izany hasiana fanamarihana. Asio faribolana ireo teny anadian-teny izay manan-danja aminao ao anatin'ny fanambarana. Mametaha taboikan-teny amin'ny teny na andianteny voaisy faribolana tsirairay, ary manorata famaritana iray, na andalan-tsoratra masina mifandray amin'izany, na hevi-baovao hafa mety hanananao.

Ohatra, raha nasianao faribolana ny andianteny hoe "raisina any an-danitra," ny taboikan-teny mifandray aminy dia mety hahitana zavatra toy ny hoe "Ny hoe raisina dia milaza hoe misy olona iray miandry na manantena ahy. Nampianatra i Jesoa fa handeha hamboatra fitoerana ho antsika an-danitra Izy ary avy eo dia handray antsika any (jereo ny Jaona 14:2–3). Ireo ray aman-dreniko any an-danitra sy i Jesoa Kristy dia any ary handray ahy raha mitoetra ho mahatoky aho."

Mamenoa taboikan-teny iray isaky ny teny na andianteny asianao faribolana. Tandremo tsara ireo fanontaniana na fahatsapana tonga ao an-tsainao.

- Inona avy ireo hevi-baovao azonao nandritra ny fanaovana io sahanasa io?
- Ahoana no ahafahan'ireo hevitra ireo manampy anao eo amin'ny fiainanao amin'izao fotoana izao?

**SAHANASA D**

### "Ô tsarovy, tsarovy fa ireo zavatra ireo dia marina; fa ny Tompo Andriamanitra no efa niteny izany."

- Inona avy no zavatra sasantsasany izay mora tadidiana? Inona avy no zavatra sasantsasany izay sarotra tadidiana kokoa?

Tsarovy ny zavatra nianaranao momba an' Andriamanitra tamin'ny fandalinanao ny Môzià 2. Vakio ny Môzià 2:22, ka mitadiava fahamarinana mandrakizay momba momba an'Andriamanitra.

- Inona no fantatrao momba an' Andriamanitra ka afaka manampy anao hatoky ireo fampanantenany sy hitandrina ireo didiny?
- Inona no azonao atao mba hotsaroanao io momba Azy?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD60013873_654_173-teacher_handout-1